

A NY FANENJEHANA NATAONY TAMIN-JOTO-PO.

- ❖ Tsy nahatohitra ny hafatra momba an'i Jesosy Ilay Mesia nentin'i Stefana ny Jiosy, koa dia tezitra taminy izy ireo—indrindra fa i Paoly.
- ❖ Tsy afaka napifanatrika an'i Stefana tamin'ny marina ireo, koa dia nanangana vavolombelona mandainga hiampanga an'i Stefana ho niteny ratsy ny Tempoly sy ny Lalàna (Asa 6:11-14).
- ❖ Nanohana ny fanamelohan'ny Synedriona i Paoly zatovo. Vavolombelon'ny nitoraham-bato an'i Stefana izy sady nankasitraka ihany koa (Asa 7:58; 8:1).

B NY FIOVAM-PONY.

- ❖ Haromotana avy amin'ny devoly no nanenjehan'i Paoly ny Fiangonana—izay noheveriny fa zotom-po amin'ny fivavahana.
- ❖ Ny sainy dia nifikitra mafy amin'ny fanapotehana ny fampianaran-diso, ny fieritreretany kosa nilaza taminy fa tsy manan-tsiny Stefana ary marina ny fisainany.
- ❖ Niova ny zavatra rehetra teny amin'ny lalana mankany Damaskosy. Niseho taminy Jesosy ary naneho azy ny fahasoavany. Nisava avokoa ireo antony rehetra nahatonga azy handa ny Mesia voahombo teo amin'ny hazo fijaliana.

D NY FANANDRAMANY TANY DAMASKOSY.

- ❖ Jamba nandritra ny hateloana tao amin'ny tranon'i Jodasy i Saoly. Araka ny filazan'i Ananiasy, dia nihevitra ny Kristiana fa nody jamba izy mba hamelezana azy ireo tampoka.
- ❖ Nasehon'i Jesosy an'i Ananiasy fa tsy manao an-kifonofono izy. Rehefa nahita indray izy, dia nasain'i Ananiasy hampilefitra ny fiainany eo amin'i Jesosy ary haneho izany amin'ny fanaovana batisa. (Asa 22:16)
- ❖ Nikasa ny hampitsahatra ny finoana Kristiana tany Damaskosy i Saoly, nefa niova-fo ho mahery fo ho an'i Kristy izy, hanaparitaka ny Filazantsara manerana an'izao tontolo izao.

E NY ASA FANOMPOANY TEO AMIN'NY JENTILISA.

- ❖ Ny ezaka fitoriana filazantsara voalohany teo amin'ny Jentilisa dia tany no nitranga; tena namokatra tokoa izany.
- ❖ Rehefa nandre ny amin'izany fahombiazana izany ireo Kristiana tany Jerosalema dia naniraka an'i Barnabasy tany izy ireo. Hitany izany lalana misokatra ao amin'ity tanàna ity izany ka dia niantso an'i Paoly izy hiaraka taminy hanampy azy.
- ❖ Rehefa tafaorina tsara ny Fiangonana ary ampy ireo mpitarika hanohana tao, dia niantso an'i Paoly ny Fanahy Masina hitory ny Filazantsara any amin'ny vahoaka Jentilisa.

F NY TSY FITOVIANY HEVITRA TAMIN'NY FIANGONANA.

- ❖ Tsikelikely, dia niparitaka tamin'ny vahoaka tsy Jiosy ny Filazantsara. Tany Samaria no voalohany, ary avy eo niparitaka nanerana an'izao tontolo izao fantatra.
- ❖ Nefa nisy fanontaniana nipetraka: Inona no tokony hataontsika amin'ny Jentilisa? Tokony hoforana ve izy ireo ary hanaraka ny lalàn'i Mosesy? Ampy ve ny manana finoana an'i Jesosy?
- ❖ Niezaka nanazava izany fanontaniana izany ny filan-kevitra tao Jerosalema (Asa 15). Kanefa, ireo Fariseo kirina dia nanohy nitory araka ny heviny hatrany.
- ❖ Izany no tontolon-kevitra tamin'ny nanoratana ny taratasy ho an'ny Galatiana.